# NY FIFAMPITSIMBINANA

## Famaritana :

Fifamaliana asa ataon'ny olona roa na maromaro mba hitandrovana ny ainy sy ny fahavelomany ny atao hoe "Fifampitsimbinana".

## Endrika isehoany

- Fifanampiana
- Fifamonjena amin'ny sarotra
- Firaisan-kina
- Fifanomezan-tanana

## Sehatra anehoana azy

- Eo amin'ny fianakaviana
- Eo amin'ny mpiara-monina
- Eo amin'ny mpiara-miasa sy mpiara-mianatra
- Eo amin'ny mpiray tanindrazana sy ny hafa firenena
- Eo mpiray finoana (any am-piangonana)

## Ny hevitra fonosiny

Zava-poana ny fifampitsimbinana raha tsy voizin'ny "fifankatiavana" ao anaty fihavanana. Noho izany, mirakitra hevitra fifankatiavana izy.

## Ny ilana ny fifampitsimbinana

Ilaina ny fifampitsimbinana satria:

- Tsy misy olombelona mahavita tena, tsy misy manana ny ampy, fa izay tsy ananan'ny iray mety hananan'ny hafa
- Mampivoatra sy mampandroso ny tsirairay ary ny firenena.
- Itsimbinana ny aina,
- Ikajiana ny herim-batana, ny herin-tsaina
- Anavotana ny marefo
- Hery entina mampandroso
- Antoky ny firaisan-kina

## Ohabolana momba ny fifampitsimbinana

- *"Asa vadi-drano tsy vita raha tsy ifanakonana"*
- *"Trano atsimo sy avaratra ka izay tsy mahalen-kialofana"*
- *"Raha manao ny tsy ambinina ampisambory fa havana ory, fa raha miraviravy tanana avelao hivarina amin'ny tany"*
- *"Ataovy toy ny fihavanan'ny vava sy ny tanana, raha maharary ny tanana mitsoaka ny vava ary raha maharary ny vava manafosafo ny tanana"*